FIHAONANA AMIN'NY VAHOAKA ISAM-BARAVARANA

# Kilometatra maromaro an-tongotra no efa vitan'i Rina N°2

Tao amin'ny Boriboritany faha-4, sy tao amin'ny Boriboritany faha-5, ary tao amin'ny Boriboritany voalohany, no notsidihan'ny kandidà ho ben'ny tanàna Rina N°2 eto Antananarivo ny faran'ny herinandro teo sy omaly. Teny Nanahazana Boriboritany faha-4 izy sy ny mpiara-dia aminy ny sabotsy teo, nistdika ny mponina isam-baravarana mihitsy, nitafa sy nihaino ny hetahetan'izy ireo. Omaly indray dia teny amin'ny fokontany Soavimasoandro Boriboritany faha-5 no nandehanan'i Rina. Tamin'ireo toerana notsidihany ireo, kilometatra maromaro isan'andro no vitany sy ireo mpiara-dia aminy. Tamin'izany, efa tsy afaka ao ambavan'ny maro ny hoe Alefa Rina. Tsy zoviana amin'ny mponina Antananarivo intsony ity kandidà ho ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra misalotra ny laharana faha 2 ao amin'ny bileta tokana ity. Kandidà akaiky ny vahoaka ary mahalala tsara ny marary azy ireo satria efa niaina sy nonina tamin'ny faritra iva toy ny teny amin'ny fokontany Nanahazana ao amin'ny boriboritany faha 4. Tamin'ny sekolim-panjakana Malagasy hatrany izy no nanovo fahalalana nanomboka tamin'ny garabola ka hatramin'ny ambaratonga ambony indrindra. Niezaka tamin'ny fiainana i Rina ary nametraka ho fanamby ny hanampy ny mpiara-belona sy hanome hasina ny maha olona. Lalana afahana mahatratra ireo fanamby ireo ny handraisany ny andraikitra maha ben'ny Tanàna. Azo antoka fa tsy ho sakana amin'ny fanatanterahana izany ny mponina Antananarivo renivohitra satria efa resy lahatra ary matoky 100% an'i Rina. Porofon'izany ny fibosesehan'ny mponina tao Nanahazana nijery sy nitafa mivantana tamin'i Rina. Nitantara ny fahasahiranan'izy ireo sy ny hetahetany hanatsarana ny fotodrafitrasa fototra ilainy ny vahoaka. Mijoro ho vahaolana amin'ny faharatsiana na tsy fisian'ny fotodrafitrasa miteraka fahasahiranana amin'ny mponina i Rina. Ambentiteniny ny hoe "tsy hifamitaka isika ka amin'ny vanimpotoana toy izao dia hampanantena zavatra maro kanefa tsy ho tanterahana akory". Mandritra ny fehimpotoampiasana maha Ben'ny Tanàna no hiasana sy hanatanterahana ireo tetik'asa lehibe. Saingy misy kosa ireo vonjy rano vaky tsy azo ialana ka tsy maintsy andraisaina fepetra malaky satria iankinan'ny fiainam-bahoaka hoy i Rina ombieny ombieny. Tsy rano araraka an-damosin'ny kanakana ireo fitarainana sy fangatahana, fa havadika tetik'asa ho soa ho an'ny mpiarabelona, i Rina rahateo mahalala tsara an'Antananarivo renivohitra satria voatetiny avokoa ny toerana rehetra tsy nahalalana halavirantany. Na antampon-kavoana na an-dohasaha, na tanaty fotaka dia efa nodiaviny sy nojereny ifotony avokoa nahalalany ny fiarahamonina sy ny tontolo iainan'ny sarambabem-bahoaka. Manoloana ny haitrano nahamay ny trano fonenan'ireo ankohonana maherin'ny 30 tao amin'ny fokontany IVO Antohomadinika 67 ha Boriboritany voalohany, tonga nankahery sy nivatsy fanampiana ho azy ireo i Rina. Fanampiana tsy mahavita taona akory fa nentina nanamaivanana ny fahasahiranan'ireo traboina, ka ireo filana fototra no natolotra azy ireo; dia ny vary izay foto-tsakafo, ny menaka ary ny koveta. Teny Soavimasoandro boriboritany faha-V, no namaranan'ny kandidà Rina ny fitetezam-baravarana tao anatin'ny vanimpotoana mialohan'ny fampielezankevitra omaly. Niraradraraka ny tsodrano avy amin'ireo ray amandreny. Fa ho fisantarana ny fampielezan-kevitra dia fotoampivavahana iraisam-pinoana etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina no hiarahan'i Rina Randriamasinoro amin'ireo mpanohana azy anio talata, izay hanasany ireo olompirenena tsy ankanavaka liana sy te hahafantatra ny programan'asany. Anisan'ireo fikambanana resy lahatra ka hanohana tsy misy fepetra an'i Rina ny fikambanana Ambalambahoaka.

***Isambilo***

Kandidà Jean Bosco Ambohitrolomahitsy

# Manao ranolava ireo mpanohana azy

Nanomboka tamin'ny fomba ofisialy androany ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna sy mpanolontsain'ny tanàna, izay hatao ny tontolo andron'ny alarobia 27 novambra 2019 ho avy izao ny latsa-bato. Samy mandamindamina faramparany ireo kandida hiatrehana ny fanokafana anio. « Ny tonga miaraka ny anay no fanombohana, ary ny miasa miaraka no fahombiazana », hoy Randriamparany Jean Bosco, kandida Ben'ny tanàna narotsaky ny Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny Kaominina Ambohitrolomahitsy Distrikan'i Manjakandriana. « Tsy nataonay ambaninjavatra », hoy i Bosco ny « précampagne » nitetezana ireo Fokontany miisa 20 mandrafitra an' Ambohitrolomahitsy, nampahafantarana ny mponina fa kandida Ben'ny tanàna ny tenako ary « efa noporofoinay tamin' ny asa sosialy sy fanohanana ny tanora tamin'ny fanatanjahantena ny fahavononako hitantana ity Kaominina irotsahako ity ». Avy amin'ny « Manifesto » an'ny filoha Marc Ravalomanana no nandrafetana ny fandaharan'asako mandritra ny efa-taona iasan'ny Ben'ny tanàna, hoy i Bosco. Efa vonona ireo mpiaramiombon'antoka amin'ny fanatanterahana izany, eny hatramin'ny kandida sasany mpifaninana amiko aza tapa-kevitra hanohana anay, hoy hatrany i Bosco.



*Ny kandidà Jean Bosco Randriamparany, nahazo tso-drano tamin'ny filoha Marc Ravalomanana.*

***Naina***

Politika

# Miharihary ny hateren-tsain'ny olon'ny IRD

Voizin'ireo mpomba na mpanohana na miara-dia amin-dRajoelina Andry, sy handemen-tsaina ny vahoaka amin'izao fotoana izao ny amin'ny hoe mila olona mitovy hevitra sy fijery ara-politika amin'ny fitondrana ihany no lalana mahomby amin'izay olona hofidiana ben'ny tanàna. Izany hoe tsy mety raha olona tsy mitovy hevitra na fijery na indrindra na mpanohitra no fidin'ny vahoaka. Miharihary tsotra izao izany fa tena hateren-tsaina mihitsy. Midika tsotra izao fa tsy vonona hisokatra amin'ny ankolafin-kery hafa toy ny nataony tamin'ny andron'ny tetezamita izy ireo. Nitondra nankaiza ny firenena anefa izany ankehitriny? Iaraha-mahita ny zavananjo ny firenena rehefa tapitra ny fotoanan'ny tetezamita, fa niaina tao anaty fahantrana lalina ny vahoaka sy ny firenena, ary mbola tsy afa-bela amin'izany mandraka ankehitriny. Niaraha-nahita tsara ny ampihimamba sy ny fanaovana salobo-komana ary ny fanilihana na fanenjehana miharo fanaratsiana mihitsy aza ireo tsy miara-dia aminy. Mbola niseho io fomba ratsy sy politika maloto io tao anaty fitondrana Rajanaorimampianina, izay tsy atao ho mahagaga fa ekipa-dRajoelina ihany na dia mody niova endrika aza, ary mbola nitohy izany mandraka ankehitriny. Dia iaraha-mahita tsara ny tsy fivakiana loha amin'ny fanampiana na ny fandinganana fotsiny izao ny tomponandraikitry ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo tato anatin'ny 11 volana izao. Politika efa lany andro io fomba fiheverana ataon' ny fitondrana sy ny olon' ny antoko IRD sy ny mpanohana azy io. Fiheverana izay tsy mitondra soa ary tsy hitondra soa velively ho an'ny firenena. Mikisary karazan'irony olona manana sy mamily fiarakodia raitra sy lafo vidy ary vaovao be irony izany miseho izany. Ny zavatra entina manaraka ny toetr' andro sy moderina, fa ny olona mitondra azy mbola taraiky any amin'ny taona maro lasa any ny toetsainy. Mazava loatra fa tsy hitondra soa ho an'ny fiaraha-monina misy azy izany na ny amin'ny ankehitriny na amin'ny ho avy. Ny fijery sy ny loko politika no atao alohan'ny asa fampandrosoana sy ny fitsinjovana izay hahasoa ny vahoaka. Aretina nikiky ity firenena ity efa hatramin'ny taona ela izany dia mbola ifikirana ihany. Mila manova toe-tsaina lalina raha te-hanova marina sy hampandroso ity firenena ity.

***Sôh'son***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Politikam-pitondrana : minia mikimpy amin-draharaha tsy voafehy

Sahiran-tsaina amin'izay hametrahan-toerana ny fitondrana Rajoelina ankehitriny ny vahoaka Malagasy. Vao mainka niha-montsana ny fifampitokisana ary niha-nitombo ny elanelana eo amin'ny roa tonta. Tsy tongatonga ho azy izany, fa nipoitra sy nahazo faka noho ny zava-nitranga. Anisany niteraka izany ny raharaha Ambohitrimanjaka, izay toa nodinganina ny nifanarahana tamin'ny vahoaka sy ny teny nomena, ary nahatonga ireto farany ho sorena sy naneho fihetsika fanoherana tamin'ny Sabotsy lasa teo. Ny resaka mody atao, kanefa ny atao atao ihany etsy ankilan'izany, ary tsapa fa tsy mihevitra ny hihemotra ny fitondrana na dia tsy eken'ny vahoaka sy laviny marindrano aza ny tetikasa Tana-Masoandro. Moa ve tsy jadona izany na dia atao amin'ny fomba ankolaka aza amin'ny fandrirarirana amin'ny hoe hifampidinika ? Efa mazava ny tenin'ireo vahoaka avy amin'ny kaomina efatra, dia Ambohitrimanjaka, Ankadimanga, Ambohidrapeto ary Fiombonana, fa hoe tsy lavin'izy ireo ny tetikasa, fa tsy eny amin'ny tanindrazan'izy ireo no hanatanterahana izany. Dia mamafy lainga amin'ny haino aman-jery ny mpila ranondranony fa hoe tsy tia ny hampandroso an'Antananarivo, sns... Ireto sokajin'olona ireto mihitsy anefa no tena fositra amin'ny fiainam-bahoaka, satria minia mikimpy amin'ny zava-misy iainan'ny vahoaka. Zavatra maro no ho simba ary tsy ho tafarina velively na ho inona fivoarana eny aorian'ny fipetrahan'io tetikasa io. Hinia hikimpiana ve izany ? Tsy maintsy hisy vokany faharoa, raha toa ka fanafody dia hoe "effet secondaire", io tetikasa io. Hiniana hikimpiana ve izany ? Nambaran'ny solontenan-dry zareo "fokonolista" mpanadala ny maha zava-dehibe ny fokonolona, fa na hamirapiratra toy inona aza io tetikasa io raha tontosa, dia tsy hahavaha ny olam-bahoaka mihitsy izany, fa hanafina fotsiny ny fahantram-bahoaka, toy izao efa iaraha-mahita amin'izao fotoana izao. Dia iniana hikimpiana koa ve izany ? Tsy mendrika ny maha mpitondra anefa izany raha toa minia mikimpy amin-java-maro fa manao jojorombona fotsiny tsy te hahalala izay ho fidonany. Ny mpitondra mahay sy mendrika dia mahafehy ny zava-drehetra eo amin'ny firenena tantaniny ary mampiaiky volana ny vahoaka ny fahendrena ao anatin'ny zavatra ataony sy tanterahiny.

***Sôh'son***

TONONKALO

## Antson`Ambohitrimanjaka

Etsy sy eroa mbola be tany ngazana
Ka dia nahoana ny anay no hogiazana ?
Tany voajary sy voakolokolo
Kanefa dia anaovana loham-bontolo ?

Sa tena efa izay ilay "fisainana foza" :
Ilay tia mihetraketraka mamafy loza ,
Ka tany sy haren`ny mponina an-tsaha
Dia anaovana "bizina" omena vazaha ?

Izany no olona fatra-piteny
Fa hamelo-maso ireo raiamandreny ,
Kanefa fisainana ambany toy izany
No entina mba hitondrana ny tany ?

Vahiny no aiditra hanjaka eto an-dasy ?
Sao efa tsy manana "ra malagasy" ?
`Zahay tsy "sanàna" ka hoe faly volony
Hitoetra amin`ny tranobe "rihana ampolony".

Tena tsy izany no maika aminay
Fa ny "hohanina anio" sy `zay "ho ampitso indray",
Ka ny tanamasoandronareo atsaharo,
Tadiavo izay soa ho an`ny besinimaro.

Na koa any an-kafa io angamba no mety
Satria mbola maro ny tampon-tanety.
Dia aza ny anay no tsy ahaizana miaina
F`Ambohitrimanjaka tsy azo tsapaina !

***DADAN`i RIANA (01-11-19)***